# Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Jolay 2018

# 14 Asabotsy
jolay

**Aza mihary harena ho anareo etỳ an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manamitrano sy mangalatra. Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy ... mpangalatra manamitrano na mangalatra. Fa izay itoeran'ny harenanao, dia ho any koa ny fonao.** Matio 6. 19-21

## Harena inona no katsahintsika?

Ilay mpanoratra kristiana antsoina hoe James Dobson dia mitantara fa naniry ho tonga tompon-daka amin'ny tenisy tao amin'ny sekoliny. Nirehareha fatratra izy tamin'ny andro nametrahany tao amin'ny talantalana fitaratry ny oniversite, ny amboara maha mpilalao tenisy mahay indrindra azy. Taona maro tatỳ aoriana dia nalefa paositra, hiverina aminy, ilay amboara. Tao amina fanariam-pako no nahitan'ilay mpandefa izany, rehefa nohavaozina ny trano. Hoy i Dobson : „Na ho ela na ho haingana, dia hisy hanipy any amin'ny fanariam-pako ny amboarantsika rehetra!" Hisy haharesy ny zava-bita tsara indrindra, miha lefy tsikelikely ny laza. Taomin'Andriamanitra isika ho avo fijery kokoa sy hanangona harena ho an'ny mandrakizay. Tenenin'i Kristy isika hanangona harena any an-danitra, fa izany no maharitra mandrakizay. Aoka isika hihaino ny toroheviny.

Misy harena tsy mety levona ve any ho any?

Hoy izahay mamaly : Eny! Ny harena tsara indrindra mety hananantsika dia ny „fiainana mandrakizay ... fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika" (Romana 6. 23). Fanomezana avy amin'Andriamanitra, fahasoavana tsy mendrika antsika mihitsy, satria lavitra an'Andriamanitra isika, maty ara-toe-panahy noho ireo fahadisoantsika.

Ny hoe manangona harena any an-danitra, dia midika koa hoe miaina isanandro ao anaty fahazoana antoka fa Andriamanitra dia manana hoavy mandrakizay ho an'ny tsirairay, izany hoe toerana miaraka amin'i Kristy maty, nitsangana tamin'ny maty, ary mitoetra any an-danitra ankehitriny, eo an-tanan-kavanan'Andriamanitra. Izay mino an'i Jesosy dia efa manana sahady izany lova izany, lova tsy hain'iza na iza esorina aminy. Ambonin'izany, misy valim-pitia manokana ampanantenaina ireo rehetra mahatoky amin'ny fanatanterahana ny asa fanompoana ankinin'Andriamanitra aminy etỳ an-tany (1 Korintiana 3. 14).